


# Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana

**Tanjon'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana: Hamokatra mpanara-dia an'i Jesoa Kristy izay mpitarika eo anivon'ny tokantranony sy ny Fiangonana ary ny fiarahamonina misy azy.**

**Fanangonana an'i Isiraely:**

"Mampiasa ny fampianarana ny Tompo amin'ny fanangonana lehibe an'i Isiraely izay mitranga ao amin'ny Fiangonana ankehitriny. Manomana izao tontolo izao amin'ny fiverenany Izy, ary ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana dia iray amin'ireo loharano maro hampiasainy amin'izany ezaka izany. Ny rafi-pampianarana tsirairay dia manao zavatra miavaka mba hitahiana ny Fiangonana maneran-tany. Ny rafi-pampianarana tsirairay dia manana tanjona sy andraikitra manokana avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana mba tsy hitovy amin'izao tontolo izao, sy tsy hitovy amin'izy samy izy, izay zavatra mahavariana tokoa."

—Loholona Clark G. Gilbert, Mpiandraikitra ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana

**MIDIRA HO MPIKAMBANA** mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa momba ny fahafahana azo araraotina tsirairay: cesinfo.byu.edu.

**MBA HIDIRANA** amin'ny iray amin'ireo safidy ireo dia mandehana ao amin'ny apply.ChurchofJesusChrist.org.

**FANTARO BEBE KOKOA** ny momba ny rafi-pampianarana tsirairay ao amin'ny pejy manaraka ao amin'ity taratasy zaraina ity.

BYU BRIGHAM YOUNG UNIVERSITY | BYU IDAHO | BYU HAWAII | BYU PATHWAY WORLDWIDE | ENSIGN COLLEGE | S&I SEMINARIES & INSTITUTES

## BRIGHAM YOUNG UNIVERSITY

Ny iraka ataon'ny Brigham Young University (BYU) dia ny hanampy ny tsirairay amin'ny fikatsahany ny fahalavorariana sy ny fiainana mandrakizay. Ny BYU dia manolotra fotoam-pianarana voafaritra tsara ianarana taranja maro ao anatina tontolo iray mampandrisika izay hanantenana ny fanolorantena ho amin'ny fahamendrehana sy hanatratrarana tanteraka ilay ambaratonga azon'ny olombelona hahatongavana. Ny BYU dia mikatsaka ny hanana mpianatra manam-pinoana sy manan-tsaina ary manan-toetra miavaka izay manana fahaiza-manao sy faniriana hanohy hianatra sy hanompo ny hafa mandritra ny androm-piainany.

- Ny BYU dia manolotra fahafahana mianatra izay manentana ny fanahy ka manambatra fahamarinana ara-panahy, fananana traikefa amin'ny fanaovana fikarohana, ary fianarana arahina fampiharana mivantana ho an'ny mpianatra rehetra.
- Izy io dia sehatra manosika amin'ny firosoana hanohy fianarana any amin'ny ambaratonga ambony ao amin'ny oniversite sy hanana anton'asa.
- Izy io dia manolotra fahafahana mahazo ireo zavatra iainana mahazatra amin'ny oniversite miaraka amin'ny fanatanjahan-tena karakarain'ny NCAA sy fampisehoana zavakanto sy mozika izay manana haavo mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena.

Mahazoa fampahalalana misimisy kokoa ao amin'ny cesinfo.byu.edu.

## BYU–IDAHO

Ny BYU–Idaho dia manorina fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny ary mampivelatra ny fitsipiny ao anatin'ny tontolo akademika sy ara-kolontsaina ary ara-tsôsialy mahasoa. Ny kilasy dia natao hanolorona ny zavatra tena iainana marina eto amin'izao tontolo izao mba hanomanana ireo mpianatra manana fahalianana sy fahaiza-manao isan-karazany amin'ny fianarana sy ny asa mandritra ny androm-piainana. Ny BYU–Idaho dia mikatsaka ny hanolotra fampianarana avo lenta amin'ny sarany mora ho an'ny mpianatra maro araka izay tratra.

- Misy mari-pahaizana atolotra ho an'ireo taranja mihoatra ny 100.
- Manam-pahaizana amin'ny sehatra misy azy avy ireo mpampianatra ary mametraka ny fampianarana sy ny fanoroana hevitra ny mpianatra ho laharam-pahamehan'izy ireo.
- 30 ny isan'ny mpianatra anaty kilasy amin'ny ankapobeny.

Mahazoa fampahalalana misimisy kokoa ao amin'ny cesinfo.byu.edu.

## BYU–HAWAII

Ny BYU–Hawaii izay mifantoka amin'ireo mpianatra avy any Oseania sy avy any amin'ireo firenena manamorona an'i Azia dia manomana ireo mpianatra ho ohatra fakan-tahaka ho an'izao tontolo izao eo amin'ny fisian'ny filaminana sy firaisan-kina ao anatin'ny fahasamihafana ara-kolonsaina amin'ny alalan'ny fiainana ny fampianaran'i Jesoa Kristy. Ireo nahazo mari-pahaizana avy amin'ny BYU–Hawaii dia voaomana ho amin'ny asa fanompoana mandritra ny androm-piainany. Maneho ny fahaiza-misaina sy ny toetra miavaka ananan'ny mpitarika izay mpanompo izy ireo.

- Ny mpianatra dia manao drafitra ny lalam-pianarany manokana amin'ny alalan'ny fisafidianana taranja fototra iray sy taranja fanampiny roa na mari-pankasitrahana amin'ny sehatra fianarana samihafa.

Mahazoa fampahalalana misimisy kokoa ao amin'ny cesinfo.byu.edu.

## BYU–PATHWAY WORLDWIDE

Ny BYU–Pathway Worldwide dia manao izay hananan'ny rehetra fahafahana hahazo mari-pahaizana avy amin'ny oniversite.

Afaka mandray soa avy amin'ny BYU–Pathway Worldwide ireo mpianatra izay maniry ny hanaraka fampianarana an-jotra, na te hanorina fahatokian-tena ara-pianarana, na mila fotoana bebe kokoa hamantarana izay tokony hatao aorian'ny lisea na sekoly ambaratonga faharoa.

- Ny BYU–Pathway Worldwide dia mikarakara mpianatra any amin'ny firenena maherin'ny 180.
- Atao an-jotra tanteraka ny fampianarana, ary ambany lavitra noho ny any amin'ireo sekoly hafa ny saram-pianarana.
- Afaka mahazo mari-pankasitrahana manan-kery eo amin'ny sehatry ny asa ireo mpianatra ary afaka miroso amin'ny fahazoana diplaoma an-jotra amin'ny alalan'ny BYU–Idaho sy Ensign College.
- Maharitra herintaona na latsaka ny famitana fianarana hahazoana ny mari-pankasitrahana atolotra tsirairay.

Mahazoa fampahalalana misimisy kokoa ao amin'ny cesinfo.byu.edu.

## ENSIGN COLLEGE

Ny Ensign College izay mifantoka amin'ireo mpianatra avy amin'ny faritra Utah dia mamokatra mpianatr'i Jesoa Kristy mahay sy azo itokisana. Ny fandaharam-pampianarana mifototra amin'ny fahaiza-manao dia manao izay hahazoan'ny mpianatra traikefa izay manomana azy ireo hahazo karama tsara ao anatin'ny herintaona ka hatramin'ny efa-taona. Tontolo mifono fikolokoloana ara-panahy no mameno ny fianarana lalina tanterahina ao amin'ny efitrano fianarana.

- Afaka misoratra anarana amin'izany ny rehetra.
- Misy safidy atolotra miisa 25 mahery izay ahazoana mari-pankasitrahana mihoatra ny 25, izay azo ampiasaina mba hirotsahana amin'ny fianarana ahazoana mari-pahaizana grade d'associé na licence.
- Ireo mari-pankasitrahana sy mari-pahaizana an-jotra dia afaka ny ho azo amin'ny alalan'ny BYU–Pathway Worldwide.
- Misy ny vondron'ny mpianatra isan-karazany.

## MAHAZOA FAMPAHALALANA MISIMISY KOKOA AO AMIN'NY cesinfo.byu.edu.INSTITIOTA FIANARANA NY FILAZANTSARA

Ny institiota dia toerana iray ivorian'ny tanora miaraka amin'ny namana, na any am-pianarana na tsy any am-pianarana, izay manana faniriana hiaina ireo fahamarinana mandrakizay eo am-piatrehana ireo zavatra tena misy eto an-tany ao anatin'ny fiainana andavanandro. Ny tanjon'ny institiota dia ny hanampy ireo tanora hahita sy hampihatra ireo fomba mahomby mba hahatongavana kokoa tahaka an'i Jesoa Kristy.

Ny institiota dia manatona an'ireo mpianatra any amin'ny toerana misy azy ireo amin'ny dia ara-pinoana ataon'izy ireo. Izany dia toerana iray hiainan'izy ireo:

- Fandaharam-pianarana mifototra amin'i Kristy avy amin'ny soratra masina sy ireo fampianarana ara-paminaniana.
- Fikarohana traikefa momba ny fomba famakivakiana ireo toe-javatra ara-panahy sy ireo toe-javatra mifantoka amin'ny fanaovan-javatra mahasoa eo amin'ny fiainana.
- Toerana ahitana fanajana, fahatakarana an-tsaina, ary fahazoana aina mba handraisana anjara, hametrahana fanontaniana ary hahazoana fomba fijery.
- Fampianarana atao an-jotra sy mivantana, atrikasa ary fifanakalozan-kevitra.

Mahazoa fampahalalana misimisy kokoa ao amin'ny institute.ChurchofJesusChrist.org.

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_582_handout-2